



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FIANGONAN'NY KORINTO
L'EGLISE DE CORINTHE

Alarobia 10 jiona 2020
Mercredi 10 juin 2020

TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA IANAREO (1 Kor. 3, 16)
– VOUS ETES LE TEMPLE DE DIEU (1 Cor. 3, 16)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) chorale AMF

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : 1 Kor. (1 Cor.) 3, 1-8 :

1 Ary izaho, ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin'izay araka ny Fanahy, fa tahaka ny amin'izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ihany ao amin'i Kristy. 2 Ronono no nomeko anareo fa tsy ventin-kanina satria tsy mbola natanjaka ianareo, eny mbola tsy matanjaka mandraka ankehitriny aza, 3 fa mbola araka ny nofo ihany ianareo. Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo aminareo, tsy araka ny nofo va ianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona ? 4 Fa raha hoy ny anankiray : « Izaho an'i Paoly », ary ny anankiray kosa : « Izaho an'i Apolosy » : moa tsy olona ihany va ianareo ? 5 Koa inona moa Apolosy ary inona moa Paoly ? Mpanompo ihany izay nahatonga anareo ho mpino ireo, dia samy araka ny nomen'ny Tompo azy avy. 6 Izaho namboly, Apolosy nandena, fa Andriamanitra no nampitombo. 7 Ka dia tsinontsinona

izay mamboly, na izay mandena, fa Andriamanitra izay mampitombo no izy. 8 Ary iray ihany ny mpamboly sy ny mpandena, nefa samy handray izay valim-pitiany avy araka ny fisasarany izy.

1 Pour ma part, frères et sœurs, je n'ai pas pu vous parler comme à des personnes dirigées par l'Esprit, mais comme à des personnes dirigées par leur nature propre, comme à de petits enfants en Christ. 2 Je vous ai donné du lait, non de la nourriture solide, car vous ne pouviez pas la supporter. D'ailleurs, même maintenant vous ne le pouvez pas 3 parce que vous êtes encore animés par votre nature. En effet, puisqu'il y a parmi vous de la jalousie, des disputes [et des divisions], n'êtes-vous pas dirigés par votre nature propre et ne vous conduisez-vous pas d'une manière tout humaine ? 4 Quand l'un dit : « Moi, je me rattache à Paul » et un autre : « Moi, à Apollos », n'êtes-vous pas animés par votre nature ? 5 Qui est donc Apollos et qui est Paul ? Ce sont des serviteurs par le moyen desquels vous avez cru, conformément à ce que le Seigneur a accordé à chacun. 6 J'ai planté, Apollos a arrosé, mais c'est Dieu qui a fait grandir. 7 Ainsi, ce n'est pas celui qui plante ni celui qui arrose qui compte, mais Dieu qui donne la croissance. 8 Celui qui plante et celui qui arrose sont égaux, et chacun recevra sa propre récompense en fonction de son propre travail.

Toriteny 1 : – Prédication 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - *pour le foyer et la famille pour que :* samy hangataka amin'Andriamanitra ny hitombo ny tsirairay ka hialany amin'ny fahazazana ara-pinoana – *chacun demande à Dieu de croître afin de ne plus être des bébés dans la foi*
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana (tsaroantsika manokana amin'izany ny fianakavian'i pasteur Zozo RANDRIAMANANTSOA any Madagasikara sy i pasteur Toky RAKOTO sy ireo iray tam-po aminy mianakavy ary ny fianakaviana manontolo izay vao namoy ny renin'izy ireo) mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher (nous portons spécialement en prière la famille du pasteur Zozo Randriamantsoa à Madagascar ainsi que la famille du pasteur Toky RAKOTO et ses collatéraux et leur famille toute entière qui viennent de perdre leur mère) pour que :* hanaikeny ny fitondran'Andriamanitra ka hankasitrahany ny Tompo na dia ao anatin'izao fisarahana mangidy izao aza – *ils acceptent la conduite de Dieu et qu'ils agrément le Seigneur même dans cette douleur de la séparation*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 319, 1-2 : Mba iraho ny Fanahy :

1. Mba iraho ny Fanahy, ry Jesosy Tompo ô !
Mba hanampy sy hitahy ny mpiasa irakao.
Tany mafy no asaina nefa kely izahay,
Marobe no tsy misaina raha itorianay !
Tanteraho re ny toky izay nomenao fahizay,
Ka mombà anay mpitory mandra-podimandrinay !

2. Ô, ry Masoandron'aina, hazavao ny namanay,
Mba fafazo andon'aina fa efa toy ny tany hay.
Tapa-kazo no hajainy ka tsy fantany ny To,
Feno aizina ny sainy, efa momoka sy lo.
Ny sikidy mahavery no ataony solonao,
Sampy vato, hazo kely no hajainy toa Anao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : 1 Kor. (1 Cor.) 3, 9-15 :

9 Fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra izahay ary sahan'Andriamanitra sy trano arafitr'Andriamanitra ianareo. 10 Araka ny Fahasoavan'Andriamanitra nomena ahy, tahaka ny fanaon'ny mpita-marika mahay no nanaovako ny fanorenana ary ny hafa mandrafitra eo amboniny, nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny. 11 Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa hafa tsy izay natao, dia i Jesosy Kristy. 12 Ary raha misy mandrafitra volamena na volafotsy na vato tsara na hazo na bozaka na mololo eo ambonin'ny fanorenana, 13 dia haseho avokoa ny asan'ny olona rehetra. Fa ny andro no hampiseho azy satria haseho amin'afo izany andro izany, ka dia hozahan-toetra amin'ny afo ny asan'ny olona rehetra. 14 Raha maharitra ny asan'ny olona, izay narafiny teo amboniny, dia handray valim-pitia izy. 15 Raha ho levon'ny afo ny asan'ny olona dia ho fatiantoka izy, fa ny tenany kosa dia hovanjena, nefa toy ny avy ao amin'ny afo ihany izy.

9 En effet, nous sommes ouvriers avec Dieu. Vous êtes le champ de Dieu, la construction de Dieu. 10 Conformément à la Grâce que Dieu m'a donnée, j'ai posé le fondement comme un sage architecte et un autre construit dessus. Cependant, que chacun fasse attention à la manière dont il construit dessus. 11 Car personne ne peut poser un autre fondement que celui qui a été posé, à savoir Jésus-Christ. 12 Que l'on construise sur ce fondement avec de l'or, de l'argent, des pierres précieuses, du bois, du foin ou de la paille, 13 l'œuvre de chacun sera dévoilée. Le jour du jugement la fera connaître car elle se révélera dans le feu et l'épreuve du feu indiquera ce que vaut l'œuvre de chacun. 14 Si l'œuvre que quelqu'un a construite sur le fondement subsiste, il recevra une récompense. 15 Si son œuvre brûle, il perdra sa récompense. Lui-même sera sauvé, mais comme au travers d'un feu.

Toriteny 2 : – Prédication 2

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Fiangonana mba - *pour l'Église pour que* : tsy havelan'Andriamanitra ho variana amin'ny fanalavirana Azy ny Fiangonana fa mba hiorina tokoa amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy – *l'Église ne se perde pas loin de Dieu mais qu'elle prenne racine autour de la Croix de Jésus-Christ*
- ho an'ireo mpitsabo mba – *pour les soignants pour que* : hisy akony eo amin'ny fitsaboany ny marary ny finoany ka hanatanterahany ny fanompoany amin'ny

fatahorana an'Andriamanitra – *leur foi ait un écho dans les soins qu'ils prodiguent aux malades et qu'ils agissent en serviterus dans le respect de la Volonté de Dieu*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 319, 3-4 : Mba iraho ny Fanahy :

3. Averenonao ireny mba ho tonga olonao.
Tadiavo tsy ho very, raiso re, fa lovanao !
Entonao ny Famonjena ka ovay ny fony izao
Aoka hisy sesehena ny hanaiky ho Anao !
Dia hiova re ny tany ka hanjary lonaka,
Ary hisy voa mamy izay ho tena vokatra.
4. Aoka re mba tsy ho rava ny mazava hitanay !
Mba handraso lalandava ny anjara-asanay.
Mba ho dera aman-daza ho Anao, ry Tomponay !
Hatanjaho ny mpiasa, dia tsy mba hety fay.
Aoka re ny olo-mino mba hamory ho Anao,
Ka hitombo be ny mpino hiandany Aminao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : 1 Kor. (1 Cor.) 3, 16-17 :

16 Tsy fantatrarao va fa Tempolin'Andriamanitra ianareo ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo ? 17 Raha misy manimba ny Tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy : fa masina ny Tempolin'Andriamanitra, dia ianareo izany.

16 Ne savez-vous pas que vous êtes le Temple de Dieu et que l'Esprit de Dieu habite en vous ? 17 Si quelqu'un détruit le Temple de Dieu, Dieu le détruira car le Temple de Dieu est saint et c'est ce que vous êtes.

Toriteny 3 : – Prédication 3

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Mpitandrina mba – *pour les Pasteurs pour que* : ho Tempolin'Andriamanitra tokoa izy ka hamahana ny ondrin'Andriamanitra amin'ny fifaliana sy ny fazotoana – *ils soient réellement le Temple de Dieu et qu'ils nourrissent les brebis du Seigneur dans la joie et dans le bon entrain*
- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour les dirigeants pour que* : ny fatahorana an'Andriamanitra no hibaiko ny asany ka hahazoantsika miaina am-pitoniana - *le respect de la Volonté de Dieu soit le fil conducteur de leurs actions afin de nous permettre de vivre dans la paix*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 270, 3-4 : Ry Tompo, izay nanangona :

3. Ry Vato fampiraisana,
Tariho mba hikambana
Ny vato voapaika re
Ho tonga trano lehibe
Tsy zakan'ny mpandevona
Harodana
4. Ny Kristiana marobe
Mba ampiraiso tsara re
Hiray am-pitiavana
Ho velona finoana
Ka mba hiaraka hanao
Ny asanao.

FIZARANA 4 – PARTIE 4

Teksta 4 – Texte 4 : 1 Kor. (1 Cor.) 3, 18-23 :

18 Aza misy mamita-tena. Raha misy eo aminareo manao azy ho hendry amin'izao tontolo izao, aoka ho adala izy mba ho hendry. 19 Fa ny fahendren'izao tontolo izao dia fahadalana eo anatrehan'Andriamanitra, fa voasoratra hoe : « Ny hafetsen'ny hendry ihany no nentiny misambotra azy » (Joba 5, 13). 20 Ary indray : « Ny TOMPO no mahalala ny hevitra ny hendry, fa zava-poana izany » (Sal. 94, 11). 21 Ka dia aza misy manao olona ho reharehany fa anareo ny zavatra rehetra : 22 na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy. Dia anareo izany rehetra izany 23 ary ianareo an'i Kristy, ary Kristy an'Andriamanitra.

Toriteny 4 – Prédication 4

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho antsika manokana mba – *pour nous-mêmes pour que* : hamaritra eo amin'ny fiainanatsika manokana izany fitomboana amin'ny finoana izany ka hahitantsika mamy amin'ny fiarahana amin'ny Tompo – *la progression dans la foi détermine nos choix de vie et que nous prenions goût à la communion avec le Seigneur*
- vavaka malalaka amin'izay mbola tiantsika hangatahina amin'Andriamanitra – *prière libre de ce que nous voulons encore demander à Dieu*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 332, 1-2 : Finaritra ny olonao :

1. Finaritra ny olonao, Jesosy Tompo ô,
Fa manana ny aim-baovao ka ravo eram-po.
Ny Famonjena vitanao dia efa voaray izao,

Ny fifaliany aty hitohy hatrany.

2. Izaho va, Jesosy ô, mba isan'ny Anao ?
Ny solika fitaizako : moa misy va izao ?
Hevero, ry fanahiko ka aza mety afa-po
Ambara-pahafantatrao fa i Jeso no anao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :-

Teksta – Texte : Efes. (Ephés.) 4, 11-23 :

11 Ary lzy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, 12 ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, 13 mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy : 14 mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolen'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitra ny famitahana, 15 fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia i Kristy. 16 lzy no itomboan'ny tena rehetra (izay akambana sy ampiraisina tsara) noho ny fifanompoan'ny isan-tonony, araka ny fiàsan'izay rehetra momba azy amin'izay mety ho anjara-asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin'ny fitiavana.

11 C'est Lui qui a donné les uns comme apôtres, les autres comme prophètes, les autres comme évangélistes, les autres comme bergers et enseignants. 12 Il l'a fait pour former les saints aux tâches du service en vue de l'édification du corps de Christ, 13 jusqu'à ce que nous parvenions tous à l'unité de la foi et de la connaissance du Fils de Dieu, à la maturité de l'adulte, à la mesure de la stature parfaite de Christ. 14 Ainsi, nous ne serons plus de petits enfants, ballottés et emportés par tout vent de doctrine, par la ruse des hommes et leur habileté dans les manoeuvres d'égarement. 15 Mais en disant la vérité dans l'amour, nous grandirons à tout point de vue vers Celui qui est la tête, Christ. 16 C'est de Lui que le corps tout entier, bien coordonné et solidement uni grâce aux articulations dont il est muni, tire sa croissance en fonction de l'activité qui convient à chacune de ses parties et s'édifie lui-même dans l'amour.

17 Koa izao no lazaiko sady ambarako ao amin'ny Tompo : ny tsy mba handehananareo intsony tahaka ny fandehan'ny jentilisa amin'ny fahafoanan'ny sainy. 18 Fa efa tonga maizina sy olon-ko azy amin'ny fiainan'Andriamanitra ireny noho ny tsi-fahalalana ao anatiny, noho ny hamafin'ny fony, 19 dia olona tsy mahalala henatra intsony ka nanolotena ho amin'ny fijejojejoana hanao izay fahalotoana rehetra amin'ny fieremana. 20 Fa ianareo kosa, dia tsy mba toy izany no nianaranareo an'i Kristy, 21 raha lzy tokoa no renareo ka tao aminy no nampianarana anareo, araka ny fahamarinana izao ao amin'i Jesosy, 22 mba hialanareo ny toetrareo taloha araka ny fitondrantenanareo fahiny, izay mihasimba araka ny filan'ny fitaka, 23 fa mba hohavaozina kosa ianareo amin'ny fanahin'ny sainareo, 24 ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana.

17 Voici donc ce que je dis et ce que j'affirme dans le Seigneur : vous ne devez plus vous conduire comme les non-croyants, qui se laissent guider par la sottise de leurs pensées. 18 Ils ont l'intelligence obscurcie, ils sont étrangers à la vie de Dieu à cause de l'ignorance qui est en eux, à cause de l'endurcissement de leur coeur. 19 Ils ont perdu tout sens moral et se sont livrés à la débauche pour commettre avec avidité toutes sortes d'impuretés. 20 Mais vous, ce n'est pas ainsi que vous avez appris à connaître Christ, 21 si du moins c'est Lui que vous avez écouté et si c'est en Lui que vous avez été enseignés conformément à la vérité qui est en Jésus. 22 On vous a enseigné à vous débarrasser du vieil homme qui correspond à votre ancienne manière de vivre et se détruit sous l'effet de ses désirs trompeurs, 23 à vous laisser renouveler par l'Esprit dans votre intelligence 24 et à vous revêtir de l'homme nouveau, créé selon Dieu dans la justice et la sainteté que produit la vérité.

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !
*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Hira (Chant) chorale AMF

Tso-drano – Bénédiction

Fanirahana - Envoi

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !